


**Homba antsika mianakavy anie ny Fiadanan'ny Tompo**

Ry havana,

Efa manodidina an'i Madagasikara ny areti-mifindra Coronavirus (Covid 19) ankehitriny.

**Miantso antsika** rehetra hiombom-bavaka amin'ny Papa François ho an'ireo firenena tratran'izany. I Jesoa Kristy Tompo nibaby ny rofintsika rehetra ka nandresy ny ratsy tamin'izy nitsangan-ko velona anie, hanome hery ireo marary sy ireo mpitsabo, ary ny fianakaviany. Ary ankinintsika amin'ilay Ray be famindrampo ny fanahin'ireo havantsika namoy ny ainy.

**Manasa antsika ho tony** ary hanaraka ireo toromarika marina rehetra momba ny fihetsika, omen'ireo tompon'andraikitra sy manam-pahefana amin'ny alalan'ny haino aman-jery, eny fa na dia ny tsotra indrindra tokony harahina andavanandro aza hiarovana ny fihanak'ity aretina ity.

**Manasa antsika hifampilaza ny tokony hatao** na any amin'ny toeram-pitsaboana na any am-piangonana na any am-pianarana na eny an-dàlana...


**Mankahery ireo dokotera sy ny mpiasan'ny fahasalamana** hanana ny herim-pon'ny aleoko maty mba handresena ny aretina fa tsy hanary na handositra ny marary.

**Miantso antsika ho sahy hifanampy,** hifampiaro, fa indrindra hiaro ireo efa manana aretina mitaiza na ireo mahantra tsy manana fiarovana.

**Miantso ny Eveka, ny pretra, ny relijiozy sy ny mpikatroka rehetra** amin'ny sehatra pastoraly katôlika tsy hatahotra fa hanaiky hanatona sy hikarakara amim-pitandremana ireo marary ary hiara-miasa amin'ireo hôpitaly rehetra hiara-hanohitra ny aretina.

**Manasa antsika** rehetra izahay Biraon'ny Fivondronamben'ny Eveka mba hiombona ka **hanao vavaka hasivianandro manomboka ny 19 martsa**
ho
fankalazana manetriketrika an'i Masindahy Josefa mpiaro ny Fianakaviana Masina sy izao tontolo izao ka
**hifarana amin'ny faha-27 martsa.**
Tafiditra ao anatin'izany hasivianandro izany indrindra ny 24 ora ho an'ny Tompo hiombonam-bavaka amin'ny Eglizy manerantany (ny 20-21 martsa) sy ny Fankalazana manetriketrika ny Filazàn'ny Anjely ny Fahatongavan'ny Zanak'Andriamanitra ho nofo (25 martsa).

**Inona àry no hataontsika amin'izany?**



Hiaraka hanao ny Raozery masina isika, ilay vavaka nahomby tamin'ny fiarovana ny Eglizy rehefa nisy fahavalo nitady hanapotika an'i Roma, ka nahatonga ny Papa Pio faha 5 nametraka ny datin'ny 7 oktôbra ho fanajana ny Mpanjakavavin'ny Raozery Masina.

Vavaka tena tsotra izany ary azon'ny rehetra atao amin'ny toerana rehetra. Koa ampirisihina manokana ny isam-pianakaviana, ny mpamonjy lamesa isan'andro, hanao sapile miaraka ka faranana amin'ity vavaka ity :

-Masina Maria notorontoronina tsy azon-keloka, Mpiaro an'i Madagasikara, mivavaha ho anay izay mangata-bonjy aminao

-Masina Maria fahasitranan'ny Marary, sitrano ny marary rehetra

-Md Josefa, Ray mpitaiza an'i Jesoa, mpiaro an'izao tontolo izao, mivavaha ho anay

-Md Jacques Berthieu, mivavaha ho anay

-Victoire Rasoamanarivo Olontsambatra, mivavaha ho anay

-Raphael Louis Rafiringa Olontsambatra, mivavaha ho anay

-Jean Beyzim Olontsambatra, mivavaha ho anay

-Lucien Botovasoa Olontsambatra, mivavaha ho anay

Ny Biraon'ny Fivondronam-ben'ny Eveka eto Madagasikara

**Ny Kardinaly Désiré TSARAHAZANA, Filohan'ny FEM**